

Commission Electorale Nationale Indépendante



CENI/SEA/DIREELCOM/SCRP- 001 - 18

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 11 janoary 2018,

Nihaona mivantana tamin'ireo ratsa-mangaikan'ny CENI eny ifotony ny filohan'ny CENI androany alakamisy 11 janoary 2018 teny amin'ny ENAM Androhibe. Hetsika lehibe voalohany, isantarana ny amin'ity taona 2018 ity no nokarakarain'ny Vaomieram-Pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana. Ireo sefom-pokontany 196 manerana ireo Boriborin-tany enina (6) eto Antananarivo Renivohitra no tena niantefan'izany. Lahadinika nandritra izany ny fampahatsiahivana sy ny fanomezana toromarika momba ity fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana farany ity; ao anatin'izany ny fanentanana ny olom-pirenena hijery ny anarany raha ao anaty lisi-pifidianana taorian'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana 2016-2017 ary koa fanentanana ireo mpifidy vaovao amin'ny tokony hisoratany anarana ao anaty lisi-pifidianana ; ny firotsahan'ireo antoko politika sy ireo Fiarahamonimpirenena ao amin'ny Vaomiera ifotony mpanisa ny mpifidy na ny CLRE ; ary ny fizotran'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana na ny RALE 2017-2018 amin'ny ankapobeny.

Nodinihina niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra ifotony ireo ny hoe: "aiza ho aiza ny taham-pahavitrihan'ny olom-pirenena amin'ny fisoratana anarana ao anaty lisi-pifidianana". Fotoana ihany koa nentina namaliana ny fanontanina sy nanomezana ireo toromarika sy tsara ho fantatra rehetra entina hahalavorary ny lisi-pifidianana. Eo ihany koa ny fanamafisana ny andraikitra sahanin'ireo sefom-pokontany amin'ny maha mpiadidy ny fifidianana azy ireo.

Nohamafisin'ny Filohan'ny CENI, Me Hery RAKOTOMANANA nandritra ity fivoriana ity fa ny lisi-pifidianana nofanana tamin'ny 15 aprily 2017 dia misokatra ary azon'ny olom-pirenena rehetra atao ny mijery, ary entanina hanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana eny anivon'ny Fokontany tsirairay misy azy avy. Nohamafisiny ihany koa fa faranana vonjimaika amin'ny 31 janoary 2018 ny lisi-pifidianana, koa tokony hamafisina ny fanentanana sefom-pokontany amin'ataon'ny olom-pirenena amin'ny maha zava-dehibe ny fisoratana anarana ao anaty lisitra. Farany, dia namafisiny ihany koa ny tokony hamporisihana an'ireo antoko politika sy ireo fiarahamonimpirenena hiditra ho isan'ny Vaomiera ifotony mpanisa ny mpifidy na CLRE (Comité Local de recensement des Electeurs).

Aorian'ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana ny 31 janoary 2018 dia hanana 20 andro ny olom-pirenena hanatonana ny Fokontany misy azy hanamarina ny anarany raha ao anaty lisi-pifidianana izy na tsia. Amin'ity indray mitoraka ity dia

hatonta io lisi-pifidianana hofaranana vonjimaika io ka ho azon'ny olom-pirenena jerena eny amin'ny Fokontany tsirairay avy.

Fehiny, ireo izay misoratra anarana ao amin'ny lisi-pifidianana amin'izao ihany no afaka handatsa-bato. Izany no anton'izao ezaka manokana ataon'ny CENI ho an'ny olom-pirenena izao, mba hanatrarana ny tanjona dia ny hahafeno ho 10 tapitrisa ny isan'ny mpifidy tokony hisitraka ny zony.